

**Eo amin'ny sary avy any amin'ny avia miankavanana : Jeannot Ramambazafy, Gérard Rakotonirina, Pr Cousin Germain Ravonjiarison**

Tontosa omaly talata 18 Februoary 2020 ny fihaonan'ny namana Jeannot Ramambazafy sy ny Profesora Ravonjiarison Cousin Germain izay olona tsy nifankafantatra mihitsy hatramin'izay. Rehefa nifanazava izy mianaka dia niara-niaiky fa tena nisy hevitra fampiadiana avy amin'ilay na ireo ao ambadik'ilay pejy *“gazety ny marina”* ao amin'ny facebook. Teo anatrehin'ny filohan'ny Holafitry ny Mpanao Gazety eto Madagasikara (OJM), Gérard Rakotonirina, sy ny tomponandraikitry ny sampana cybercriminalité ao amin'ny polisy no natao izay fialan-tsiny izay.

Mikasika ny pejy *“gazety ny marina”* dia efa miditra amin'ny lalin-dalina ny fikaroana ilay na ireo mahavita manompa Filoham-pirenena am-perinasa amina voam-bolana tsy voahevitra manala baraka ny fanaovan-gazety malagasy iray manontolo. Ny nanely ilay tsaho hoe nirodana ny tonelina Ambanidia aza tratra ka dia ny fanalam-baraka minisitra am-perin'asa sy lehibem-panjakana torak'izany indray ve dia havela amin'izao? Ary mitombo isa andro aman'alina ny olona efa mitory sy hitory ireo devoly mihevitra fa tsy ho tratra mihitsy.

Raha hiverenana kely ilay raharaha dia tsy ny namana Jeannot Ramambazafy mihitsy no nanamboatra ny *“convocation”* an'i Ny Rado Rafalimanana -tamin'ny 7 Februoary 2020 ary misy ny adiresiny eny Ambodiafontsy- natao tamin'ny anaran'ny Profesora Ravonjiarison fa ilay na ireo ao ambadik'ity *“gazety ny marina”* ao amin'ny facebook tsy manjary ity. Ary io anarana izay tsy fantatry ny namana Jeannot Ramambazafy io dia niniana nataon-dry zalahy solon'ny an'ingahy Ny Rado. Taty aoriana dia namoaka "lahatsoratra" miaraka amina teny ratsy mahazatra azy ireo ao an-tokan-tranony koa angamba, notsipihina mihitsy hoe "Profesora Cousin Germain". Izany hoe olona mahafantatra ity Profesora ity ry zalahy ary miketrika zavatra hipoitra amin'ny fotoana tsy ampoiziny. Koa aleho aloha hiriorioa ry

zalahy fa ny nenina moa aoriana maninona moa ?

**Tsimba**

**La Gazette de la Grande île**

**19.02.2020**